# Ilay Voa Tsara Nafafy 31 Oktobra 2018

# 31 Alarobia
oktobra

**Izay mamaly teny mbola tsy re, dia hadalana sy henatra ho azy izany.** Ohabolana 18. 13

**Tsy tahaka ny afo va ny teniko ? hoy Jehovah, ary tsy tahaka ny kanonta manorotoro ny vatolampy va ?**
Jeremia 23. 29

## Afaka mitsikera ny Baiboly ve, raha mbola tsy namaky azy ?

Nitety an'i Meksika (Amerika-Afovoany) ity misionera, ary nijanona tao amina tanàna iray, mba hitory ny Filazantsara. Nony tolakandro, satria nafana be ny andro, dia nipetraka teo anoloan'ny trano izay hatoriany ny alin'io izy, vonona koa hamaly ireo fanontaniana mety hapetraky ny mpandalo aminy. Nisy tovolahy iray nanatona ilay misionera, nibanjina azy tsara ary niteny taminy hoe : „Tonga mba hiady hevitra aminao aho, satria tsy mino ny zavatra torìnao". Ho setrin' izany dia notoloran'ilay misionera Baiboly iray izy, ary nilazany hoe : „Ity boky ity dia ny Tenin'Andriamanitra. Vakio izy. Aorianan'izany, raha tianao, dia afaka miresaka momba azy isika". Gaga dia gaga ilay tovolahy, noraisiny ilay Baiboly, nipetraka nialoka teo ambany hazo iray izy, ary nanomboka namaky.

Ny ampitso ilay misionera dia nanao veloma ireo namany vaovao. Teo koa ilay tovolahy. Naniry ny hanatitra azy teny antenatenan-dalana izy. Rehefa tonga tany amin'ny tanàna manaraka, dia naveriny tamin'ilay misionera ilay Baiboly, sady nilaza izy hoe : „Mahaliana ity boky ity. Tsy manana fanontaniana apetraka aminao aho, mikasika izay teny novakiko". „Mahafinaritra ahy izany, hoy ilay misionera. Natao hinoana mantsy ny Tenin'Andriamanitra, fa tsy natao hiadiankevitra. Tohizo ny fianaranao azy, dia hahazo ny fiainana mandrakizay ianao". Ary dia nomen'lay misionera azy ilay Baiboly.

Roapolo taona taty aoriana dia niverina tany amin'io tanàna io ilay misionera, ary tadidiny ilay tovolahy. Faly erỳ ity tovolahy fahizany, nitantara tamin'ny rehetra ny fomba nahatonga azy hibebaka sy hino ny Tompo Jesosy, tamin'ny famakiana ny Tenin'Andriamanitra. Nanjary harenany lehibe indrindra ny Baiboly. Tsy te hiady hevitra momba ny fampianarany intsony izy. Niainany izany fampianarana izany.